# Ilay Voa Tsara Nafafy 24 Septambra 2018

**24** **Alatsinainy**
septambra

**Ary Jehovah no mandeha eo alohanao ; ary Izy no hiaraka aminao ; tsy handao anao na hahafoy anao Izy ; koa aza matahotra na mivadi-po ianao.**
Deoteronomia 31. 8

**Aza matahotra na mivadi-po, fa momba anao Jehovah Andriamanitrao, amin'izay rehetra alehanao.**
Josoa 1. 9

## Ny ady atrehin'ny kristiana (4) : fijoroana ho vavolombelona

Nandray ny asako voalohany aho, nony nahavita fianarana. Andro vitsivitsy taorianan'ny nahatongavako, dia nampahafantarin'ny lehibeko aho fa hampiasa solosaina misy programa vaovao, nefa ny anaran'io programa io, ho ana kristiana, dia tena tsy mendrika sady maniratsira an'Andriamanitra. Noresahiko tamina namako izany, ka niara-nivavaka izahay. Dia nanapakevitra aho hilaza amin'ny lehibeko fa tsy afaka hiasa amin'io programa io, na dia ho voatery hiala amin'ny asako aza. Nomen'ny sekreterany fotoana amin'ny 4 ora tolakandro aho, hihaona aminy. Io tolakandro io indrindra anefa aho dia nandre fa nisy tovovavy kristiana iray fantatro, maty tao amina haintrano mahatsiravina. Izaho efa tsy nanan-kery iny, vao mainka kivy tanteraka. Nefa mbola afaka nitalaho tamin'ny Tompoko aho, talohan'ny hihaonako amin'ny lehibeko. Nohazavaiko taminy ny fanapahan-kevitro. Niantso olona tamin'ny telefaona izy, dia namarana ny fihaonanay. Adiny iray taorianan'izany dia tonga izy nilaza tamiko fa nomena anarana hafa ilay programa !

Valim-bavaka izany ! Ary nampitony tanteraka ny foko ! Nefa ny tena zava-dehibe, dia ny fampianaran'ny Tompo ahy tamin'izany : rehefa manapa-kevitra noho ny finoana, dia misy zavatra maro manaitra, ary mampivarahontsana aza, indraindray, mitranga toy ny sakana tsy hay ialana. Satana no manohitra amin'izany fomba izany, ary mitady hampangorohoro. Tokony hahafantatra izany isika, ary hentitra hatrany no miroso am-panetrentena ho an'ny Tompo, na inona na inona hitranga. Amin'ireny fotoana ireny dia izao no lalana azo antoka : mitoetra am-pahatoniana eo anilan'ny Tompo, ao anaty vavaka, misaintsaina ny nandreseny, mahita Azy eo ankavanan'Andriamanitra, ary mahafantatra fa „tarihiny amin'izay tiany", na dia ny fon'ny mpanjaka aza (Ohabolana 21. 1).